


Tsy misy tokony mahataitra akory ry zareo ny ataon'ireo miseho *« mpanohitra »* sy ireo manao halako bika tsy tiako tarehy ireo. Raha izaho manokana, dia olom-pirenena malagasy aho aloha vao mpanao gazety.

Nisy praograman'asa sy tanjona tratrarina novelaberan'ny kandida faha-13 tamin'ny taona 2018. Lany izy ary neken'ny kandida faha-25. Hitam-poko hitam-pirenena tamin'ny fahita lavitra ny naneken'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana ny fandresan'ny filohan'ny Tetezamita Andry Rajoelina. Tao amin'ny Foiben'ny HCC, no nandraisan'i Dada ny tànanin'ny nandresy azy, ny 08 janoary 2019. Nanaiky tena nanaiky izy.




**Mahamasina, 19 janoary 2019. Ireo ny filoham-pirenena voafidy nifandimby teto Madagasikara. Tena kapoakan'i Dada ity mivadi-dela ity. Ary lasa *"akamany"* amin'izay ingahy Hery Vaovao mialokaloka any Frantsa toa olona nanao ratsy teto an-tanindrazana... Ny Amiraly Didier Ratsiraka moa nodimandry ny 28 marsa 2021**

Tsy vitan'izany fa ny 19 janoary 2019, tao amin'ny kianjabe ao Mahamasina dia filoha voafidy telo be izao no nanatrika ny fianianana nataon'ny filoha Andry Rajoelina : Zafy Albert, Didier

Ratsiraka (samy efa nodimandry), Hery Rajaonarimampianina. Tranga mbola tsy niseho izany teto Madagasikara hatramin'izay ka hatramin'izao. Fa toa kapoakany koa io mivadi-dela io an !... Lasa nahita « *doublons* » tampoka teo dia iny no atao dridrangilo ao amin'ny Facebook. Izao dia ny famoronana dosie indray no lamaody. Mbola hasiako resaka io ao anatina lahatsoratra hafa…



**Ny Filoha amerikanina Joe Biden, voafidy ny 03 novambra 2020, sy ny Filoha frantsay Emmanuel Macron, voafidy ny 07 mey 2017**

Fa eto aho dia manazava tsara izao manaraka izao, amin'ny maha mpanao gazety ahy : tsy ny Frantsay rehetra akory no nifidy an'i Emmanuel Macron. Torak'izany koa ny any Etazonia : tsy ny Amerikanina rehetra no nifidy an'i Joe Biden. Fa izy ireo no nahazo vato be indrindra tamin'ny fifidianana ka mitondra ny firenenany tsiraray mandritra ny fotoana voalazan'ny Lalampanorenan'ny fireneny. Torak'izany koa ny eto Madagasikara.

Taona 2023 no voalazan'ny Lalampanorenenan'ny Repoblika malagasy fa fe-potoana hitsaharan'ny fotoam-piasan'ny Filoha Rajoelina, raha amin'ity taona 2022 ity ny an'ny Filoha Emmanuel Macron any Frantsa.Ny an'i Joe Biden moa dia amin'ny taona 2025 no mifarana ny fotoam-piasany voalohany.

Amin'ireo firenena voalazako ireo, misy tokoa ny fanoherana ary milaza marina aminareo aho fa enjana dia enjana. Saingy raha ny ankapobeny no jerena dia mandroso soson-kevitra ny mpanohitra any. Ny eto amintsika ? Fanoherana mbontolo : ilay Filoha mihitsy no lasibatra, eny hatramin'ny fianakaviany mihitsy aza. Tsy omeko lanjany eto mihitsy izany Tabera Ramananantsoa milaza fa « *fitondrana balaosy no misy* », na ingahy Edouard Tsarahame miantso ny tafika, nefa iza moa izy izay olona nanararaotra ny fiaraha-mitantana tamin'ny

Tetezamita ka mba voatendry anisan'ireo CST miisa 300 mahery tao Tsimbazaza ? Nilaza fa *« zafiste »* moa ingahirainy tamin'izany dia nahazo toerana ary dia lasa kibo sy be atoka…




Mihevitra mihitsy ry zalahy ireo fa mbola Tetezamita no misy eto Madagasikara ka dia tsy maintsy mahazo toerana rehefa mitabataba. Folo taona izao io milaza fa pasitora io no tsy mahalala afa-tsy ny *« hidina an-dalam-be »*… Izany ve, hoy ianao ? Eny, Tompoko. Taona 2012 : efa nisy izany hoe *« Front de l'opposition »* izany na Vondron'ny mpanohitra. Ny hidina an-dalam-be ihany ao an-tsaina. Tao anatin'izany ry

Me Hanitra Razafimanantsoa, Jules Randriamaholison, Edouard Tsarahame, Lalatiana Ravololomanana, Gabriel Rabearimanana, Masimana Manantsoa, ary tompokolahy Me Olala izay mpisolo vavan'ny mpanohitra rehetra.

Taona 2022 isika izao, mbola *« hidina an-dalam-be »* hatrany no ao an-tsaina. O r'ingahy a ! Zavatra tsy nahomby nandritra izay 10 taona izay ve heverinao fa hahomby amin'izay satria ilay zazakely 9 taona tamin'ny 2012 efa 19 taona amin'izao fotoana izao ? Mijery Internet fotsiny izy dia mazava ho azy fa olona malahelo seza fotsiny kay ity hoe pasitora ity. Tohizo fa amin'ny 2032 ve tsy hipoaka amin'izay ny *« gros lot »* ?... Izay tsy manao ihany no tsy mahazo moa ?













**[illegible] Andry Rajoelina ny vato fehizoron'ny ho**



[illegible]




[illegible]


Jutta Urpilainen @JuttaUrpila... · 2d
Thanks for the meeting in the margins of #AUEUSummit, @SE_Rajoelina!
Discussed political developments, elections & bilateral cooperation focusing on health & recovery. To build back better, stand ready to support reforms that strengthen good governance & climate resilience.
Délégation de l'UE à Madagascar &... et 2 autres

[illegible]


Jutta Urpilainen
@JuttaUrpilainen
In line with #GlobalGateway, I am glad to confirm the priorities for -Madagascar cooperation until 2027:
Governance and human development
Sustainable growth and jobs
Green and blue economy
#AUEUSummit #AfricaEU
Traduire le Tweet

[illegible]


European Investment Bank
The EU bank

[illegible]


LE PRÉSIDENT MALGACHE EN VISITE CHEZ J.COCKERILL

[illegible]


LE PRÉSIDENT MALGACHE EN VISITE CHEZ J.COCKERILL


LE PRÉSIDENT MALGACHE EN VISITE CHEZ J.COCKERILL


John
Cockerill